

TETIK 'ASA AF RICE ALAOTRA

HAITAO TEKNIKA VOLY VARY MIRR AMPIASANA KOMPOSTA

I. HAITAO TEKNIKA VOLY VARY MIRR AMPIASANA KOMPOSTA ENY AMIN'NY TANIMBARY TSARA RANO (RANO AZO FEHEZINA) (Modèle intégré de riziculture résiliente sur RBME (Rizièrè à bonne maîtrise de l'eau))

1.1. FIKARAKARANA TANINKETA NOHATSARAINA : « KETSA VOHITRA »

Tanjona: Fahazoana ketsa tanora, matanjaka sy salama

Tandremo: Mila manaraka tsara ny toetr'andro mba ahafahana mamaritra ny fotoana tokony hanaovana ny ketsa vohitra

Habeny: Sakany: 1m ; Halavany: Izay tiana fa tsara raha atao eo amin'ny 5m eo dia asiana elanelany ahafahana mivezivezy manara-maso ny taninketsa ; Haavony: 10 - 15cm. Asiana lalan-drano manodidina sy ny fivoahan'ny rano, atao iva noho ny ahavon'ny taninketsa mba tsy ho dibo-drano ny ketsa aorian'ny oram-be.

Famafazana : Masomboly voafantina ary ***karazam-bary mahatohitra ny fiovaovan'ny toetr'andro no ampiasaina toy ny MADIKATRA***. Miantoka ny 40% ny mety ho vokatra ho azonao sahadys izany.

4. Fikarakarana ny tanin-janabary



2. Famafazana zezika komposta sy fandravonana ny tany



1. Masomboly: efa vaky 3. Fatran'ny masomboly tsiry no afafy

5. Atao manify ny fafy zanabary



6. Rakofana vovo tany malemy tsara ny masomboly voafafy



Zejika : **Komposta**.efa masaka tsara sy tsara kalitao no ampiasaina

Tanin-janabary: **Atao amin'ny pilasy**

1 kapoaka safo vavany/ m²; 30 kg/ha (Vary taona)

ary 45kg/ha (Vary ririnina)

7. Rakofana bozaka (fa tsy mololo) ny taninketsa mandra-panirin'ny vary



8. Zana-bary tanora (**15-25 andro**) sy matanjaka ary salama no aketsa



9. Sorohana amin'ny angady ny zana-bary aketsa fa tsy ongotana na kapohina



N.B: Raha miloko mavo ny ravin-janabary eny amin'ny taninketsa dia ilaina ny mitondra zezika siramamy (urée). Atao herinandro mialohan'ny fanetsana izany

1.2. ENY AN-TANIMBARY

- i. **Fikarakarana ny tany sy fanetsana:** Miantoka ny fahatsaran'ny vokatra mety ho azo ny fanaovana ara-dalàna antsakany sy andavany ny asa vadi-bainga, ny famotehana ary ny fandemena tsara ny tany. Afafy alohan'ny handemena ny tany ny komposta (7t500 - 10 tonnes/ha) mba hiotrika tsara alohan'ny fanetsana. Atao mitovy tantana marin-drano tsara ny tany. Afafyeny amin'ny tanimbaray fito (7) andro mialohan'ny fanetsana ny komposta, roa (2) na telo (3) andro alohan'ny hanetsana farafahakeliny, raha misy ny tsy fahampian' ny rano handemena ny tany. Mampihena hatramin'ny 50% ny fitsirin'ny ny ahi-dratsy nyaasa tany vita tsara.

10. Komposta efa masaka tsara no zezika ampiasaina




11. Tanimbaray tsara asa, malemy ary marin-drano tsara



12. Ketsa tora-tady no atao: mielanlana 20 cm × 20 cm zana-bary mba ahafahan'ny zana-bary mitombo tsara.



13. Zana-bary iray na roa isam-potony farafahabetsany no aketsa mba ahafahanay mananaka tsara



FANTARO: *Tena ambany ny tahan'ny fôsifôro amin'ny tanimbaray aty Alaotra.* Manampy amin'ny fahazoana voam-bary ho feno tsara io kasinga io. Noho izany dia tsara raha mitondra DAP (50-100 kg/ha) na NPK (100- 200 kg/ha) isaky ny tany iray hekitara. Afafy alohan'ny fanetsana ny DAP. Tsy manimba tany ny fitondrana io zezika mineraly io satria efa nitondra komposta isika.

ii : Fiavana ny vary




Ava amin'ny sarklezy arahina arahina ava ava tanana avy hatrany

- Mampihena betsaka ny fitsirian'ny ahi-dratsy ny fiasana sy fanaovana ara-dalàna ny asa tany, ny fanapotehana sy ny fandemena tsara ny tany.
- Ny ava amin'ny sarklezy (atao indroa raha azo atao) arahina ava tanana dia tena mahomby manatsara ny vary sy managaingana ny ava vary.

FANTARO: Mila atao ara-potoana tsy angatahina andro **ny fiavana ny vary** mba ahatsara ny faniriny. 30 andro aorian'ny fanetsana farafahatarany no anaovana ny ava voalohany.

iii- **Fikojakojana:** Mila kolokoloana sy tsidihina matetika ny tanimbaray raha te ahazo vokatra tsara. Amin'izany no ahitana ny fisian'ny fahavaloo "bibikely na aretina" mpanimba ny vary ka mila fisorohana na fitsaboana mba tsy hisian'ny fahaverezambokatra.

TOROMARIKA SY NY HAITAO TEKNIKA VOLY VARY MIRR VOAARAKA TSARA



II. HAITAO TEKNIKA VOLY VARY MIRR AMPIASANA KOMPOSTA ENY AMIN'NY TANETY

(Modèle intégré de Riziculture Résiliente de Riz pluvial sur TANETY)

2.1. Tanjona : i. Fanajariana ny tany ho fanatsarana ny vokatra amin'ny alalan'ny fanatsarana ny tany amin'ny fanaovana VOLY RAKOTRA ka ny fifandimbiasam-boly **Vary an-tanety sy Katsaka+Legiominezzy na Vary sy Legiominezzy rano iray no atao. Mitondra azota ho an'ny tany ny voly legiominezzy** ii. Fitondrana zezika komposta. Ny fanarahana ny haitao teknikan'ny voly rakotra dia mitazona ny hamandoan'ny tany ahafahana mamboly mialohan'ny firotsahan'ny orana aty amin'ny faha **15 novambra**.

FANTARO : Zavamaniry iray tarika amin'ny tsaramaso toy ny tsiasisa, voanemba, voanjobory, dolique (antaka), Mucuna, Stylosanthes sy ny Voanjo no atao hoe Legiominezzy. **Ireo no azo volena eny amin'ny Tanety. Tsy azo ambolena vesce eny amin'ny Tanety**

Fifandimbiasam-boly	Taona voalohany	Taona faharoa
Katsaka+Legiominezzy sy Vary an-tanety	Voly katsaka + Legiominezzy 	Vary an-tanety 
Vary an-tanety sy Legiominezzy rano iray	Vary an-tanety 	Voly voanemba na tsiasisa na tsaramaso rano iray  Voly Voanemba Voly Tsiasisa Voly Tsaramaso

2.2. Ny fikarakarana ny tany sy ny fambolena ny vary tomboka nohatsaraina:

- Asaina ny tany amin'ny taona voalohany. Potehina ny bainga ary atao mitovy tantana tsara ny tanim-boly. Raha betsaka sy matevina ny rakotra eo amin'ny tany aorian'ny vokatra dia tsy asaina intsony ny tany avy nisy voly legiominezzy. Mihena izany ny fandaniana atao amin'ny fanaovana ny voly vary MIRR an-tanety.



1. Asaina sy potehina tsara ny tany	2. Komposta masaka sy tsara kalitao no ampiasaina(5-10 t/ha). Atao ambany asa na afafy alohan'ny hambolena eo amin'ny tany vao avy nopo tehina tsara. Afafy manerana ny tanim-boly ny zezika komposta	3. Masom-boly voafantina sy mety atao eny amin'ny tanety no ampiasaina (B22,Nerica 4,Sebota 406... - Tsy maintsy asiana fanafody ny masomboly hiadiana amin'ny bibikely mpanimba 'VOANA'alohan'ny hambolena azy - Fatranay : 60 kg /ha	4. Mitondra zezi-bazaha (Urée : 100 kg/ha) izay entina indray mandeha ihany ary atao isampotony.amin'ny fotoana fambolena	Ny fomba fambolena : - Tomboka manaraka tora-tady izay - Elanelana: 20 cm × 20 cm. - 4 na 7 isan-davaka ny vary volena.
-------------------------------------	---	--	---	---

2.3. Ny fiavana ny vary an-tanety

- TSY MAITSY ATAO RAHA TIANA NY AHAZO VOKATRA. Aleo tsy mamboly vary an-tanety raha tsy hiava.
- Karazany : Ava Tanana sy ny fampiasana fitaovana toy ny binezy voatokana ho an'izany. Azo atao koa ny mampiasa fanafody hiadiana amin'ny ahi-dratsy. :
- Vanim-potoana : 15-20 andro aorian'ny fambolena. Atao indroa farafahakeliny raha ilaina

2.4. Ny fijinjana

Rehefa maina ny 2/3 ny voam-bary eo amin'ny salohim-bary dia tokony ho jinjaina ny vary indrindra ny karazam-bary mora mihintsana.

III. HAITAO TEKNIKA VOLY VARY MIRR AMPIASANA KOMPOSTA ENY AMIN'NY TANIMBARY SARO DRANO RANO TSY AZO FEHEZINA

(Modèle intégré de Riziculture Résiliente sur RMME (Rizièrè à mauvaise maîtrise de l'eau)

Sarotra ny fifehezana ny rano amin'ny tanimbary saro-drano : na mety ho maina tanteraka foana ny tanimbary ka tsy maintsy miandry orana vao afaka mamboly na mety ho tondraka na dibo-drano foana. **Araho tsy tapaka ny vinavinan'ny toetr'andro omen'ny sampana mpamantatra ny toetr'andro.**

3.1. Raha tonga ara-potoana ny rano dia azo atao tsara ny mampiasa ny haitao teknika voly vary MIRR fanetsana MIRR toy ny teo amin'ny tanimbary azo fehezina ny rano, saingy raha afaka mamboly vary lava tsingerimpiaina ny eny amin'ny tanimbary azo fehezina ny rano (RBME) dia TSY MAINTSY MAMPIASA KARAZAM-BARY FOHY TSINGERIM-PIAINA SY MAHATANTY NY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO kosa ny eny amin'ny tanimbary tsy azo fehezina ny rano RMME.

3.2. Raha voatery miandry ny filatsahan'ny orana ny kosa vao azo volena ny tanimbary tsy azo fehezina ny rano (RMME) eo aminy dia voly vary tomboka nohatsaraina manaraka ny tora-tady no atao. Ny haitao teknika fanao amin'ny voly vary MIRR an- tanety no atao amin'izany. Azo atao koa ny mamboly tsaramaso na katsaka+legiominezoy ny teny amin'ny tanety, fa ny VOLY VESCE no tsara indrindra atao amin'ny tanimbary RMME.

3.3. VOLY ‘VESCE’ karazan-javamaniry legiominezoy amin'ny tanimbary saro-drano RMME : Ity haitao ity dia natao mba hanajariana ny tany RMME ary hitazomana ny hamandoan'ny tany ka ahafahana mamboly mialoha amin'ny volana novambra, tsy voatery miandry orana. Mitondra azota ho an'ny tany ny vesce. Mampihena ny fandaniana atao koa ny voly vesce satria tsy asaina ny tany avy novolena vesce fa azo volena avy hatrany aorian'ny famonoana ny vesce. **Volena aorian'ny fijinjana ny vary avy hatrany ny vesce , eny anelanelan'ny foto-bary avy nojinjaina.**

Rehefa tonga ny fotoam-pambolena dia tapahina na vonoina amin'ny fanafody io ahitra io, ary avy hatrany dia atao ny vary tomboka manaraka tora-tady eo amboniny.

Voly vesce



Mandrakotra tanteraka ny tanimbary ny vesce rehefa maniry tsara toy izao